


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Ady ho an'ny Teny Fikasana

Aoka hohazonintsika mafy ny fanekem-pinoantsika ka tsy hihozongozona.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Derek Prince

Isaky ny manao fanompoam-panasitranana aho, dia matetika no nitaky ny olona hanao io fiekena eo ambony io, satria mahafeno fepetra ho amin'ny fahasitranan’izy ireo izany. Avelao aho hanazava. Raha manana olana amin’ny voa ianao, dia hiaiky ianao hoe: “I Jesosy Tenany mihitsy [tadidio fa Izy no nanantitrantitra] no naka ny rofiko sy nitondra ny aretiko; tamin’ny Feriny no nahasitrana ahy.” Aorian'izay, raha mbola manana olana amin'ny voa ianao, inona no ataonao? Tazony mafy ny fiekenao. Mbola manana olana amin'ny voa ve ianao? Tazony mafy ny fiekenao fa aza miozongozona. Ady io. Minoa ahy, fantatro avy amin'ny zavatra niainako fa mety ho ady goavana ny firosoana amin'ny fanasitranana.

Nilaza tamin’ny Kristiana Hebreo ny mpanoratra ny Hebreo hoe:

> “Hianareo tsy mbola nanohitra niady tamin’ny ota hatramin’ny fahalatsahan-dra.” (Hebreo 12:4)

Isika dia nampiasa ny hevitra hoe tsy maintsy miady amin'ny ota isika, nefa indraindray hadinontsika fa tsy maintsy miady amin'ny aretina, koa isika. Tsy maintsy miady isika. Miaramila isika. Tsy mandry isika ka avelantsika handeha eo ambonintsika ny devoly, fa tsy manome voninahitra an’Andriamanitra ny fanoloran-tena mora.

Raha ny amin'ny fihazonana mafy ny fiekena ka tsy mihozongozona, dia andao isika tsy hifantoka amin'ny fanasitranana ara-batana fotsiny, na dia saika mahakasika ny olona rehetra aza ny filàna izany. Ahoana ny amin’ny filàna ara-bola? Amiko — ary tsy fombafomba fotsiny izany — ny fihazonana mafy ny fiekeko no fombako hamotsorana ireo harena izay ananan’Andriamanitra ao amin’ny trano Fitehirizany ho an’ny asa fanompoako. Niresaka tamiko Andriamanitra ary nilaza tamiko fa nanao famatsiana feno ho an’izay rehetra Asainy hataontsika Izy. Fa tsy maintsy nino sy niaiky heloka anefa isika, mba hahazoana ilay famatsiana feno. Ary ataoko manokana izany. Ity fiekena ity dia nalaina tao amin’ny 2 Korintiana 9:8:

© 2008 - Dries Du Plessis

"Andriamanitra dia mahay mampitombo ny fahasoavana rehetra amintsika, mba hananantreo ny onony rehetra mandrakariva amin'ny zavatra rehetra, ka hitombo amin'ny asa tsara rehetra."

Voninahitra ho an'Andriamanitra!

Misaotra Anao, Tompo ô, fa mahatoky Ianao — Manome fanantenana ahy Ianao. Manambara aho fa miady ho an'ny fanasitranana sy vatsy aho — mino sy mibaboka. Hihazona ny fiekena aho ka tsy hihozongozona,amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-327-MLG
Nohavaozina farany: 16 Nov 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

